# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Aogositra 2018

**9** **Alakamisy**
aogositra

**Fa tsy misy fizahan-tavan'olona amin'Andriamanitra.** Romana 2. 11

**Fa raha mizaha tavan'olona kosa ianareo, dia manota.** Jakoba 2. 9

**Aza avela hisy tsy voaloa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany.** Romana 13. 8

**Ny Baiboly sy ny fanavakavahana**

Ny Baiboly dia tsy miteny amintsika fotsiny hoe ekeo avokoa ny olona rehetra, fa hoe.... tiavo avokoa ny olona rehetra ! Satria ny fitiavana, araka ny Baiboly, dia didin'ny Tompo Jesosy. Raha izany... tokony ho tia ny olona rehetra tokoa ve aho ?

*Na dia ny mpifanolo-bodirindrina amiko aza ve ?* „Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Marka 12. 31).

*Ny vadiko sarotsarotiny ve ?* „Ianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana". „Ny vehivavy anti-panahy koa anaro... mba hampianariny ny vehivavy tanora fanahy ho tia ny vadiny" (Efesiana 5. 25 ; Titosy 2. 3, 4).

*Ny fahavaloko ve ?* „Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo" (Matio 5. 44).

*Ny vahiny ve ?* „(Andriamanitra) ... tia ny vahiny ka manome azy hanina sy fitafiana. Koa tiava vahiny" (Deoteronomia 10. 18-19).

*Ny olona rehetra tokoa ve ?* Izany rahateo no nataon'Andriamanitra : tiany izao tontolo izao, na dia mikomy aminy aza. Notiaviny fatratra isika, ka nomeny antsika ny Zanany Lahitokana (Jaona 3. 16). Tsy isalasalana fa maty Kristy noho ny fahotantsika, ary tsy misy olona afaka nahavita izany. Fa Andriamanitra kosa mangataka antsika ho tia tahaka Azy ! Hatramin'ny fanolorana ny aintsika ho an'ny rahalahintsika (1 Jaona 3. 16). Izany no fitiavana tsy misy fetra ananan'Andriamanitra, ary tokony hasehon'ny mpino. Tsy ao anatin'ny mpino ny loharanon'izany fitiavana izany, fa ao amin'i Kristy, Izay nanolotra ny tenany ho azy ireo. Aoka isika hanaraka ny diany, ary tsy hiandry ny „hafa" hanomboka izany, fa isika mihitsy no hanao ny dingana voalohany !